# Fandraisana anjara ao amin'ny Fiangonana ho an'ny olona izay manasokajy ny tenany ho transgenre (olona izay tsy mitovy amin'ny namaritana azy ny fahatsapany ny maha-lahy na ny maha-vavy azy na ny fanehoany izany)

FITSIPIKA MITARI-DALANA HO AN'IREO MPITARIKA EO AN-TOERANA

Ity tahirin-kevitra ity dia fanampin'ny fitsipika hita ao amin'ny *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany*, 38.6.23, "Ireo olona izay manasokajy ny tenany ho transgenre (olona izay tsy mitovy amin'ny namaritana azy ny fahatsapany ny maha-lahy na ny maha-vavy azy na ny fanehoany izany)." Ny tanjon'izany dia ny hanampy ireo mpitarika eo an-toerana hifampidinika amin'ny olona tsirairay sy ny fianakaviany mikasika ny lafiny sasantsasany amin'ny fandraisana anjara ao amin'ny Fiangonana.

## Torolalana ankapobeny

Ao anatin'ny toe-javatra rehetra, ny mpitarika eo an-toerana dia tokony:

- Mikatsaka fitarihana ara-panahy.
- Mitondra ny olona tsirairay sy ny fianakaviany amim-pitiavana sy amim-panajana sady mampianatra ny fahamarinan'ny filazantsara.
- Mandinika ireo zavatra ilain'ilay olona sy ireo mpikambana hafa ao amin'ny paroasy.
- Maka antoka fa ny fotopampianaran'ny Fiangonana momba ny maha-lahy sy ny maha-vavy dia tsy tsinontsinoavina ary takatra tsara.
- Maka torohevitra. Maka torohevitra any amin'ny filohan'ny tsatòka ny eveka. Mikatsaka fitarihana any amin'ny Fiadidian'ny Vondromparitra ny filohan'ny tsatòka sy ny filohan'ny misiôna.
- Ampandraisina anjara ny ray aman-dreny na ny mpiantoka ny zaza tsy ampy taona.

## Anarana sy mpisolo anarana tiana

Ireo firaketana ôfisialin'ny Fiangonana dia mampiseho ny maha-lahy na ny maha-vavy ny mpikambana tamin'ny fahaterahana.

Ny fampiasana ny anarana sy ny mpisolo anarana tiana dia tokony ho resaka izay mijanona eo amin'ny olona tsirairay sy ny fianakaviany, sy ny namana ary ny mpikamban'ny Fiangonana ihany. Ireo mpitarika eo an-toerana dia tsy tokony hanapa-kevitra na hanome soso-kevitra momba ny fomba hiantsoan'ny mpikambana ny olona iray.

Raha manana anarana tiana ny mpikambana iray dia azo marihina ao amin'ilay faritra hoe "Anarana tiana" eo amin'ny firaketana ny mombamomba ny maha-mpikambana izany.

## Fivoriana sy fiaraha-mientana ho an'ny lehilahy irery ihany na ho an'ny vehivavy irery ihany

Ny olona tsirairay dia manatrika ireo fivoriana sy fiaraha-mientana ho an'ny lehilahy irery ihany na ho an'ny vehivavy irery ihany izay mifanaraka amin'ny maha-lahy azy na ny maha-vavy azy tamin'ny fahaterahana.

Izay mety ho tranga maningana, izay tokony ho mahalana, dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo "Torolalana ankapobeny" voatanisa etsy ambony ary tsy maintsy ankatoavin'ny Fiadidian'ny Vondromparitra.

## Ireo fiaraha-mientana atao amin'ny alina

Ho an'ireo fiaraha-mientana atao amin'ny alina izay natao ho an'ny lehilahy irery ihany na ny vehivavy irery ihany dia tsy manatrika afa-tsy ireo lasy izay mifanaraka amin'ny maha-lahy azy ireo na ny maha-vavy azy ireo tamin'ny fahaterahana ny olona. Anisan'ny ohatra amin'izany fiaraha-mientana izany ny lasin'ny Zatovovavy sy ny lasin'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna.

Ho an'ireo fiaraha-mientana atao amin'ny alina izay natao ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy, ireo olona izay mandalo fandidiana, na fitsaboana, na fiovana ara-piarahamonina mba hialana amin'ny maha-lahy azy na ny maha-vavy azy tamin'ny fahaterahana dia mandao ilay fiaraha-mientana amin'ny alina. Ankinina amin'ny ray na reny na mpiantoka ara-dalàna ny zatovo, izay tompon'andraikitra amin'ny fandaminana ny fampiantranoana. Anisan'ny ohatra amin'ireo fiaraha-mientana izay natao ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy ny fihaonamben'ny tanora tokan-tena, ny fihaonambe Ho Zatovo Mahery ary ny fihaonamben'ny zatovo.

## Ireo antso sy asa ampiandraiketina

Ny olona izay mandalo fandidiana, na fitsaboana, na fiovana ara-piarahamonina mba hialana amin'ny maha-lahy azy na ny maha-vavy azy tamin'ny fahaterahana dia tsy omena antso na asa ampiandraiketina mba (1) hanatanteraka anjara asa sahanin'ny lehilahy irery ihany na ny vehivavy irery ihany, na (2) mba ho mpampianatra, na (3) mba hiara-hiasa amin'ny ankizy na ny zatovo. Azo omena antso na asa ampiandraiketina hafa izy ireo izay manome fahafahana hivoatra sy hanompo ny hafa.

## Trano fivoahana ao amin'ireo tranon'ny Fiangonana

Ny trano fivoahana dia tokony hanolotra tontolo mitokana sy azo antoka. Tsy maintsy tandremana tsara ny fanajana ny fiainan'ny olona manokana sy ny fahamendrehany.

Ny olona izay mandalo fandidiana, na fitsaboana, na fiovana ara-piarahamonina mba hialana amin'ny maha-lahy azy na ny maha-vavy azy tamin'ny fahaterahana dia tokony hampiasa trano fivoahana mitokana raha misy izany.

Raha tsy misy trano fivoahana mitokana dia afaka mifampidinika amin'ilay olona ilay mpitarika eo an-toerana (sy ny ray aman-dreny na ny mpiantoka ilay zatovo) mba hahitana vahaolana. Anisan'ny safidy azo atao:

- Ny fampiasana ny trano fivoahana izay mifanaraka amin'ny maha-lahy na ny maha-vavy an'ilay olona tamin'ny fahaterahana.
- Ny fampiasana trano fivoahana izay mifanaraka amin'ny fahatsapana anaty ananan'ilay olona izay hamaritany ny tenany ho lahy na ho vavy, ka miaraka amin'olona azo itokisana izy izay maka antoka fa tsy misy olona hafa mampiasa ny trano fivoahana amin'izany fotoana izany.

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 8/24. Fandikana ny *Church Participation of Individuals Who Identify as Transgender: Guiding Principles for Local Leaders*. Malagasy PD60010241C01 654.